

## ANDRO FAHA-8

# Fanatitra velona

**Andinin- tSoratra Masina ho tadidiana:** « Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon' Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo ianao ». Romana 12: 1

FANATITRA! Inona no hevitr'izany? Ho an'ny ankamaroantsika ny teny hoe fanatitra dia midika hoe manolotra betsaka, na mahafoy zavatra iray mba hahazoana zavatra iray mendrika kokoa. Amin'ny maha ray aman-dreny dia manao sorona zavatra betsaka isika mba hanomezantsika ny zanatsika fanabeazana any an-tsekoly sy ny hananany fiainana tsaratsara kokoa. Amin'ny maha Kristianina, dia manaiky ny sorona nataon'i Jesosy isika mba hanavotany ny olombelona rehetra.

Ny fanatitra tao amin'ny fitoerana masina ao amin'ny Testamenta Taloha dia nidika ho fahafatesan'ny zanak'ondry ho fanatitra amin'ny ota - izay fanompoana maneho eo amin'ny sain'ny ny vahoakan'Andriamanitra ny drafitry ny famonjena ho an'ny olombelona. Ao amin'ny Testamenta Vaovao, fantatsika ny sorona lehibe indrindra - ny fahafatesan'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana.

Eo amin'ny sehatry ny Fitantanam-piainana Kristiana, dia manana heviny lehibe ny FANATITRA. Ato amin'ity lesona ity isika dia hijery ireo ohatra mahakasika ny FANATITRA ary ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao, dia hodinihantsika koa ireo Fanatitra izay tadiavin'Andriamanitra ao amintsika amin'izao fotoana izao. Rehefa mitozo mandalina ianareo dia aoka hanontany tena hoe : inona no fanatitra tadiavin'Andriamanitra amiko ankehitriny?

1. Tonga amin'izao tontolo izao JESOSY hanao sorona ny tenany. Milaza ny Baiboly fa Kristy dia ilay '\_\_\_\_\_ voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao. (Apokalypsy 13: 8 sy Jaona 1:19).

2. Ny asa rehetra natao tao amin'ny fitoerana masina voarakitra ao amin'ny Testamenta Taloha dia efa tanteraka ao amin'ny Tompontsika avokoa satria "voavono Kristy, Paska \_\_\_\_\_ (1 Kor. 5: 7).

3. Ao amin'ny Genesisy 22: 1-14, mianatra isika ny fanatitra nataon'i Abrahama. Karazana fanatitra inona no tsapanareo tamin'ny fanandramany? Ampitahao ny fanandramana niainan'i Abrahama miaraka amin'ny fanatitra nataon'Andriamanitra.

4. Ny fanatitra dia midika hoe manome, mahafoy zavatra manan-danja iray mba hahazoana zavatra iray manan-danja kokoa noho iry voalohany. Vitan'ny Jesosy izany ho an'ny taranak'olombelona. Nahoana no nomeny ny ainy? Inona no azony?

"Fa fantatrareo ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika, fa na dia nanan-karena aza IZY \_\_\_\_\_ mba hampanan-karena anareo ny alahelony. "(2 Kor. 8: 9)

"Ny fototry ny drafitry ny famonjena dia mifototra tamin'ny Fanatitra. Nialan'i JESOSY ny tokotanin'ny lanitra ka tonga nahantra IZY , mba hampanan-karena antsika ny alahelony. Izay rehetra mandray izany famonjena izany, izay natolotra ireo tamin'ny vidin'ny fanatitra tsy voafetra avy tamin'ny Zanak' Andriamanitra, dia hanaraka ny ohatr'Ilay Tena modely. " (3T 387)

5. Ao amin'ny Baiboly, ny bokin'ny Hebreo dia miresaka ny sarany naloa ho famonjena antsika: "... Fa raha izany dia tsy maintsy ho nijaly matetika IZY hatrizay \_\_\_\_\_ izao tontolo izao, fa ankehitriny dia efa naseho indray mandeha tamin'izao andro farany izao IZY mba hanafaka ny ota tamin'ny \_\_\_\_\_. Toy izany koa Kristy, rehefa natolotra indray mandeha hitondra

ny otan'ny maro. (Heb. 9:26, 28)

Ny fanatitra dia ny "tena" no hevitra fototry ny fampianaran'i Kristy ... Kristy no ohatra ho antsika. Nanolotra ny ainy ho sorona ho antsika IZY, ary dia mangataka antsika IZY mba hanomezantsika ny fiainantsika ho fanatitra ho an'ny hafa ... Kristy dia tsy hamela ny olona iray tia tena hiditra ao amin'ny lapan'ny lanitra. (CPE 25, 26)

6. Fito ireo teny notononon'ny Mpamonjy teo amin'ny hazofijaliana ary ny iray amin'ireo teny ireo dia ny hoe: "Vita" (Jaona 19:30). Midika izany fa efa naloany avokoa ny onitry ny ota tamin'ny nanaterany ny tenany ho fanatitra tao Kalvary.

"Rehefa mijery ny hazo fijalian'i Kalvary isika dia afaka hahita ny tombabidin'ny fanatitra nataon'ny Zanak' Andriamanitra mba ho famonjena ity taranaka lavo ity. Koa satria efa tanteraka ny fanatitra natao ho an'ny olombelona, noho izany dia vita sy tanteraka toy izany koa ny famerenana amin'ny laoniny ny olona nendahina avy tamin'ny lotom-pahotana" (Fe 135)

7. Ny amin'ireo vondron'olona iray amin'ny andro farany izay mandray ny fitaovam-piadian'ny Tompony, dia izao no nosoratan'i Davida : "Izay manao \_\_\_\_\_ amin'ny \_\_\_\_\_" (Sal. 50: 5b)

"Ny fanatitra izay resahin'i Davida eto dia tsy ny rà nalatsaka tamin'ny biby, fa ny voninahitra avy amin'ny fiainany voaova. Mariho ny hoe : " Raha toa ka nila fanatitra IANAO, dia efa nanolotra anao izany aho; Fa tsy tianao intsony ny fanatitra dorana. Ny fanatitra izay ankasitrahan'Andriamanitra dia Fanahy \_\_\_\_\_ Andriamanitra ô! Tsy mba ataonao tsinontsinona ny fo \_\_\_\_\_ sy \_\_\_\_\_" (Sal. 51:18, 19).

"Ireo izay efa nandray ny fitahian'ny fanamasinana dia tsy maintsy mianatra aloha ny hevitra ny hoe mahafoy tena." (AA 560)

"Ny fanafoanana ny IZAHO dia fepetra fototra ho an'ny mpianatra." (3 T 388)

8. Ny Apôstôly Paoly dia nampirisika ny Kristianina rehetra mba 'hanolotra ny tenany ho toy ny \_\_\_\_\_, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. " (Rom. 12: 1). Inona no hevitr'izany?

"Ny fitiavan'i Kristy no manery antsika ... mba tsy ho velona ho an'ny tenany intsony izay velona fa ho an'ilay efa maty sy nitsangana hamonjy azy ... napetrany aminay ny teny fampihavanana. Iraky KRISTY isika izany. Toy ny hoe Andriamanitra no manao ny antso amin'ny alalantsika. " (2 Kor. 5: 14, 15, 19, 20)

"Ny fahafoizan-tena ho an'Andriamanitra sy ny toe-tsain'ny fanatitra dia tokony ho raisina ho fepetra voalohany azo hanekena ny asa fanompoana. "(MYP 303)

9. Tato ho ato, ny vahoakan 'Andriamanitra dia tsy maintsy nanao sorona lehibe hitoriana ny Filazantsara hatrany amin'ny faran'izao tontolo izao. Petera dia nilaza ny "hanatitra \_\_\_\_\_ sitrak'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy (1 Petera 2: 5). Nilaza antsika ny Apôstôly Paoly mba hanolotra ny tenantsika ho "sorona \_\_\_\_\_" (Romana 12: 1). Raha tsy mangataka antsika sorona hitarika hatramin'ny fahafatesana Andriamanitra, inona no sorona angatahiny amintsika?

"Amin'ny alalan'ny fiainana tsotra ihany, ny fanafoanana ny tena, no hahafahantsika manao ny asa nanendrena antsika ho solontenan'ny Kristy." (MH 206)

"Aoka isika hivondrona manodidina ny hazo fijalian'i Kalvary amin'ny fanahin'ny fahafoizan-tena sy ny fanafoanana ny izaho. Andriamanitra hitahy antsika raha mitozo hatrany isika. "(CPE 16)

10. Hoy ny mpanao salamo: " JEHOVAH no heriko sy fiderako, fa efa \_\_\_\_\_ ahy IZY. Tsy

ho faty aho, fa \_\_\_\_\_ ny asan'i Jehovah. (Sal. 118 : 14, 17)

Tianao ve ny ho tonga "fanatitra velona" ho an'Andriamanitra? Raha eny, ahoana no hanovan'izao fanapahan-kevitra izao ny fiainanao?

FANOLORAN-TENA sy VAVAKA